



DIRECTION GENERALE

DIRECTION REGIONALE
MAHAJANGA

REPRESENTATION LOCALE
ANTSOHIHY

Antsohihy, 14 APR 2022

**FEPETRA SY LALANA SASANTSASANY
MAHAKASIKA NY ASA AN-
DRANOMAMY ATO AMIN'NY PORT NY
ANTAFIAPATSA-ANTSOHIHY SY NY
MANODIDINA**

N° 051 /APMF/DG/DRA/ Sect.mart/Antsohihy/22

Ireto avy ny fepetra sy lalana (fampatsiahivana) sasantsasany mipetraka mahakasika ny asa an-dranomamy ampiasanina eto Antafiapatsa- Antsohihy sy ny manodidina:

- 1- Alohan'ny hiaingan'ny lakana dia tsy maintsy mandalo fisavana avy amin'ny "APMF" ny "Gendarmerie" ary ny « Commune » (amin'ny toerana tsy misy APMF) ny lakana, ny entana sy ny olona zay vao mahazo mandeha ny lakana ;
 - 2- Tsy mahazo mivezivezy ny lakana tsy manana « permis de navigation valide » taratasin-tsambo manan-kery ;
 - 3- Hajaina ny isan'ny mpandeha ao amin'ny « Permis de navigation », sy tokony hanao salotr'aina (gilets de sauvetage) daholo ny mpandeha sy ny ekipazy;
 - 4- Mahavoa sazy ny fanaovana taingimbe na entana na olona;
 - 5- Tsy azo hipetrahan'ny entana na olona ny tafon'ny lakana;
 - 6- Mahavoa sazy ny misotro- zava-pisotro mahamamo hoan'ny ekipazy izay miasa;
 - 7- Tsy azo atao ny mandeha alina raha sambo tsy manana RADAR, ka noho izany, mifarana amin'ny 14H00 ny fara fiaingan'ny lakana miala eto Antafiapatsa ny Antsohihy sy ny manodidina, miala io fe-potoana io dia tsy mahazo mandeha intsony ny lakana fa miandry rahampitso indray;
 - 8- Haraina sy hajaina ny vaovao ary ny fepetra momban'ny toetrandro omen'ny APMF;
 - 9- Hisy fisavana tsy ara- potoana ataon'ny APMF amin'ny sambontsika, mba hanarahana maso azy sy mba hisoroana amin'ny loza mety hitranga.
- Misaotra amin'ny fiaraha-miasantsika rehetra.

*Dika mitovy : -Lehiben'ny Gendarmerie Sofia
-Lehiben'ny Faritra Sofia*

